

Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina

Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra

Vavaky ny Mpamaky Lay: Teny Miafina Hadino

Telovolana fahefatra 2020
Sabata, 03 Oktobra 2020

Fifohazana

§ Fanavaozana

VOTOATINY

Fa nahoana no Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina?	3
Soso-kevitra momba ny Tari-dàlana	4
Soso-kevitra momba ny fandaharana	5
Fanampiny	7
Toriteny / Fisaintsainana: "Ankehitriny ao Anaty Fanavaozana"	8
Fijoroana ho vavolombelona mandritra ny fotoam-bavaka	11
Drafity ny Vavaka: "Vavaky ny Mpamaky Lay"	13
Fanasana ho amin'ny fifadian-kanina sy vavaka (manaovala dika mitovy pirinty ary zarao amin'ny mambra ny herinandro mialoha)	15

Fa nahoana no Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina?

Alaivo sary an-tsaina hoe ray aman-dreny ianao handao ny zanakao, fantatrao fa tsy hahita azy ireo intsony mandra-pahatongan'ny fanjakan'ny lanitra. Inona no zavatra lehibe indrindra azonao lazaina aminy?

Nanana io olana io i Jesosy rehefa niomana hiverina any an-danitra izy taorian'ny nanomboana azy tamin'ny hazo fijaliana. Inona ilay enta-mavesatra amin'ireo teny farany nataony tamin'ny mpianany? Rehefa mamaky ny vavaka farany sy ny torohevitra farany ao amin'ny Jaona 15-17 isika, dia mahita lohahevitra miverimberina: **firaisansa sy fitiavana ary fikatsahana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka**. Nirin'i Jesosy mafy ny hahatonga ny fiangonany vao teraka mba hivondrona ao anatin'ny tanjona iray, ao anaty firindrana ary iraka iray. Ankehitriny, isika koa, noho ny toe-javatra maro mifamahofaho tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, sy ny firenentsika ary ny fiangonantsika, dia mila mihaino ny torohevitr'i Jesôsy mba hitady ny Fanahiny ary hivondrona hamita ny iraka. Toa mampatahotra sy tsy ho azo tanterahina ny adidy atrehintsika. Izany no antony tsy maintsy hivavahantsika mihoatra noho ny tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampiraisana izay Andriamanitra irery no afaka hitondra azy.

Manasa anao izahay hivavaka "ao amin'ny efi-tranonao." Manasa anao izahay hivavaka miaraka amin'ny fianakavianaao ao amin'ny fiangonana misy anao. Ary manasa anao izahay ho amin'ny hetsika maneran-tany fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ho amin'ny Fifohazana sy Fanavaozana. Angamba ianao tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka tsy mikasika na inona na inona. Angamba hifady tsy hihinana tsindrin-tsakafo na hanaraka haino aman-jery ianao, na hihinana kely fotsiny sakafotra amin'ny zava-maniry mandritra ny fotoana fohy.

"Ankehitriny ary hatramin'ny fiafaran'ny andro, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra sy hentitra kokoa, misokatra kokoa, tsy matoky ny fahendreny, fa miantehitra amin'ny fahendren'ny Tompony. Tokony hanokana andro izy ireo hanaovana fifadian-kanina sy vavaka" (*Ellen G. White, Review and Herald, 11 feb. 1904*).

Satria misafidy ny hifantoka bebe kokoa amin'ny vavaka ianao dia hitahy anao sy hampatanjaka ny fonao Andriamanitra hiatrehana ny andro sarotra amin'ny ho avy.

Cindy Tutsch
Ho an'ny Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

Soso-kevitra momba ny Tari-dàlana

Fandaharana ho an'ny tontolo Andro:

- Misy toriteny/ fitaovana hanaovana fisaintsainana , "Teny Miafina Hadino", ampiarahina ao pejy fanampiny amin'ity tahirin-kevitra ity. Azo ampriasaina ho amin'ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina na hanaovana fisaintsainana mialoha ny fotoam-bavaka. Raha ampriasaina amin'ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina izany dia misy soso-kevitra omena eto ambany momba ny vakiteny fototra sy tantara ho an'ny ankizy .
- Misy soso-kevitra momba ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro. Manoro hevitra izahay ny hanaovana izany mandritra ny ora 1 na 2; maro no manao drafitra hiaramivavaka fotsiny mandritra ny tolakandro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika.
- Manaova dika mitovy ary zarao ny fampahalalana momba ny fifadian-kanina farafahakeliny herinandro mialoha izany mba hahafahan'ny mambra mahatakatra ny atao hoe fifadian-kanina sy sy fiaraha-mivavaka ka hisafidianany ny fomba tian'izy ireo hidirana amin'ny fifadian-kanina mandritra iny andro iny. Misy torolàlana omena ao amin'ny pejy fanampiny.
- Manaova dika mitovy ny amin'ny tahirin-kevitra "Drafity ny Vavaka: Vavaky ny Mpamaky Lay" ary ny "Fijoroana Vavolombelona ho amin'ny Fotoam-bavaka" ho an'ireo mpanatrika.

Andalan-tSoratra Masina ho vakiana: Jaona 15: 7

Tantara ho an'ny Ankizy: Tantarao ny fomba anirian'ny voankazo sy ny legioma eny an-jaridaina na ny voaloboka.

Hevitra hasongadina :

- Anontanio ny ankizy raha esa nanandrana voatabia masaka am-potony, na voaloboka volomparasy be ranony avy eo amin'ny foto-boaloboka. Omeo fotoana izy ireo hilazana ny fanandramany.
- Ny sampana dia tsy manana hery hamoronana voankazo matsiro.
- Amin'ny alàlan'ny foto-boaloboka ihany no ahafahan'ny sampana mamoaka voa.
- Hazavao fa amin'ny alalan'ny asa feno fitiavana, feno fifaliana sy fiadanana ihany no ahafahantsika mahita ny vokatry ny herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika (Galatiana 5:22, 23).
- Rehefa feno fifaliana sy fitiavana isika dia mampiseho ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra, Ilay Loharanon'ny fifaliana sy fitiavana.
- Mifandray amin'i Jesosy isika amin'ny alàlan'ireo fampianarana ao amin'ny Teniny, dia ny Baiboly izany.
- Anontanio ny ankizy raha tian'izy ireo ny hamoa ny vokatra tsaran'ny fifaliana sy ny fitiavana ao am-pony, dia anontanio azy hoe amin'ny fomba ahoana no hitomboan'izany voa izany.
- Ampahatsiahivo izy ireo mba hifandray amin'i Jesosy amin'ny alalàn'ny fandinihana isan'andro ny fampianarany ao amin'ny Baiboly ary amin'ny firesahana Aminy toy ny amin'ny namana. Manaova vavaka fohy ho azy ireo. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanome azy ireo ny vokatra tsara avy Aminy mandritra ny fotoana iarahan'izy ireo Aminy

Soso-kevitra momba ny fandaharana

Toerana: Azonareo atao ny mivory ao am-piangonana, eny ivelany eny ambany alokaloky ny hazo, na raha kely ny vondrona misy anao, dia mivoria ao amin'ny efitrano mampahazo aina manokana ary tsy misy fanelingelenana.

Fanokafana: Ny hira sy feon-kira dia manome mandrakariva rivo-piainana mety ho amin'ny fiankohofana, koa atombohy amin'ny hira fiderana vitsivitsy manome aingam-panajana sy mandrisika hitady an'Andriamanitra. Iangavio ny mambra hizara fijoroana ho vavolombelona fohy 30 segondra momba ny vavaka voavaliny na fiderana an'Andriamanitra eo anelanelan'ny hira.

Fiarahabana tongasoa: tokony handray ny olona tonga ny tompon'andraikitra ary mizara toro-marika vitsivitsy:

- Fotoam-bavaka sy fitadiavana an'Andriamanitra izao.
- Izay rehetra ifampizarana dia tsiambaratelo ka tsy tokony zaraina eny ivelan'ny efitrano.
- Aza mandray fangataham-bavaka mialohan'ny fotoana. Hazavao fa fotoana tokony hivavahana izao, fa tsy iresahana, ka ny antom-bavaka dia tononina mandritra ny fotoam-bavaka fa tsy resahina mialoha.
- Atao izay mampahazo aina. Aza misalasala ny manova toerana — mipetraka, mandohalika, sns.
- Atrakao ny lohanao rehefa mivavaka ianao. Mivavaha mafy mba ho ren'ny hafa.
- Ny vavaka dia mihoatra noho ny tenintsika fotsiny. Takio ny Soratra Masina ary mivavaha ho an'ny teny fikasan'Andriamanitra. Manaova andininy iray na roa amin'ny hira iray, miaraka amin'ny mpandray anjara hafa.
- Rehefa misy mivavaka ho an'ny filàna iray na olona iray, dia asaina ny olona hafa hanampy ny azy manokana koa ary hanandratra mafy izany filàna na olona iray izany amin'ny feo avo. Misy hery amin'ny fandrenesana ny hafa mivavaka ho an'ny filàna sy ny olona ao am-ponao (Matio 18:19).
- Takio ny fiainana madio, ny fahafoizan-tena ary ny fanompoan'i Kristy ao amin'ny vavaka (Jaona 14:14; Apokalypsy 8: 3).
- Araka izay azo atao dia ampiasao ny fanononana ny hoe "izahay," "isika," ary "anay," fa tsy ny "izaho," "aho", ary "ny ahy" (Matio 6: 9-13) ao amin'ny vavaka.
- Ny lohahevitra amin'ny tolakandro dia ny "Vavaky ny Mpamaky Lay." Ataovy mifandimby ny famakiana ny torolàlana momba ny fijoroana ho vavolombelona. Dia mivavaha ho an'ny fianakaviana, ny namana, ny hafa, ary izao tontolo izao.

Fanamarihana ho an'ny mpitarika:

- Aza hadino fa tsara ny fahanginana amin'ny fotoam-bavaka. Aza mihevitra ny tsy maintsy hameno ny fahanginana rehetra na hampijanona ny fotoam-bavaka mialoha ny fotoana. Raha misy olona mitsambikina sy mivavaka haingana, ny hafa kosa dia mila fotoana kokoa vao mahazo aina hanonona vavaka amin'ny feo mafy. Rehefa misy fahanginana dia avelao handeha izany Manisà segondra vitsivitsy - na dia 30 segondra fotsiny aza raha tsy mety aminao ny fahanginana – mba hahafahan'ny Fanahy Masina hanome aingam-panahy ny olona.
- Raha tsy zatra miaraka mivavaka ny vondrona misy anao, na mampiditra ny Soratra Masina na mihira mandritra ny fotoanan'ny vavaka, dia tokony hanome ohatra ianao. Na azonao atao ny miangavy olona hafa mialohan'ny fotoana mba hanome ny ohatra, amin'ny fanaovana vavaka fangatahana avy amin'ny tari-dàlana Fijoroana Vavolombelona na manomboka hira mandritra ny fotoam-bavaka. Raha laharampahamehana ny maka fotoana hivavahana, dia fotoana mety ihany koa izany hampianarana ny olona ny fiarahana mivavaka.

Fisaintsainana: Raha tsy mbola nozaraina ilay toriteny / vakiteny dia afaka mamaky izany ny mpandrindra na ny mpitarika voatondro alohan'ny fotoanan'ny vavaka.

Fotoam-bavaka: Misy tari-dàlana omena mandritra ny fotoam-bavaka, dia ny "Vavaky ny Mpamaky Lay". Ny mpitarika kosa dia tokony hitarika ny mpandray anjara amin'ny vavaka, manomboka amin'ny Tari-dàlana ho an'ny Fijoroana ho vavolombelona ary mampiasa ny drafitra ho modely.

Famaranana: Farano amin'ny fiderana sy fisaorana ny fotoam-bavaka. Mifidiana hira fiderana iray na roa hamaranana ny fandaharana.

Ny fiangonana sasany dia mety hisafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoam-bavaka mba hampitsaharana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra ny sakafo, fa ataovy manintona ny latabatra mba hampisy rivo-piainana manokana

PEJY FANAMPINY

Fisaintsainana ho an'ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina, 3 Oktobra 2020

Teny Miafina Hadino

Nosoratan'i Richard Constantinescu, mpitandrina sy mpikambana ao amin'ny Komity Fifohazana sy Fanavaozana

Efa nanadino teny miafina ve ianao? Mety banana ny vokany maharitra ny fanadinoana teny miafina. Ny British Broadcasting Corporation (BBC), ao Royaume-Uni, dia mitatitra fa : "Iray amin'ny olona fito no tsy mahita taratra ny amin'ny volany napetraka ao amin'ny kaontiny na ny vola fisotroan-drononony, noho ny fanadinoana ny teny miafina." Mitatitra ilay lahatsoratra fa mahatratra 2,8 miliara *livres* (3,5 tapitriza dolara) ny vola tsy misy mpitaky mijanona ao amin'ny Tahiry sy ny Famatsiam-bola tantanan'ny governemanta (NS&I). Zavadehibe amin'ny fitantanana ny tahirin-karena ny fitadidiana ny teny miafina amin'izao vanimpotoana fampiasana solo-saina izao.

Misy harena lehibe lavitra izay tsy notakiana mihitsy noho ny fanadinoana teny miafina. Andriamanitra dia mampanantena fa hanome izay ilantsika rehetra (Salamo 23: 1; Filipiana 4:19), hery handresena ny fakam-panahy (1 Korintiana 10:13), ary hery mahery vaika hijoroana ho vavolombelona ho an'i Kristy (Asa 1: 8). Raha hadinontsika ny hitaky ireo harena ireo amin'ny vavaka dia tsy ho azontsika izany. Tsy maintsy mangataka sy mitady ary mandondona isika (Matio 7: 7) araka ny Teniny, raha tiantsika ny hahazo, sy hahita ary hiditra. Jesosy Kristy dia "velona mandrakizay hanao fifonana" (Hebreo 7:25) ho an'ireo izay mahatsiaro ny teny fikasan'Andriamanitra ka mitaky izany harena izany.

Ny teny fikasan lehibe sy sarobidy no teny miafina izay ahazoantsika mandray ny fitahian' Andriamanitra, ary tokony ho tadidantsika izy ireny fa tsy tokony hohadinoina! Manome toky antsika ny apostoly Petera fa "efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasan sady soa no lehibe indrindra" (2 Petera 1: 3-4a).

Mamy kokoa ny vavaka rehefa hitantsika fa mamaly Andriamanitra. Manome antsika ny fanalahidin'ny vavaka voavalys Jesosy ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona manao hoe: "Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany" (Jaona 15: 7). Fahamarinana be voninahitra! Misy hery ao amin'ny Tenin'Andriamanitra hanatanteraka izay tiany hatao rehefa mangataka zavatra araka ny sitrapony isika (Isaia 55:11; 1 Jaona 5:14). "Ny hery mpamorona izay niantso an'izao tontolo izao ho amin'ny fisiana dia ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Manome hery izany teny izany; mitondra aina. Ny baiko tsirairay dia fampanantenana avokoa" (Education, p. 126). Ny Tenin'Andriamanitra dia mahay mamorona (Salamo 33: 6, 9), ary tsy misy zavatra sarotra loatra ho Azy (Jeremia 32:17).

Ny fahalalana sy ny finoana ny Tenin'Andriamanitra dia tena ilaina tokoa amin'ny fahazoana ny valim-bavaka tadiavintsika. Jesosy dia maniry ny hitahy antsika bebe kokoa mihoatra noho izay azontsika eritreretina (Efesiana 3:20, 21), ary tokony hino izany isika! Nanoso-kevitra ny hiditra any an-tranon'ny manam-boninahitra romana iray i Jesosy, nefo nino ilay miaramila fa azon'i Jesosy atao ny miteny fotsiny dia ho sitrana ny mpanompony (Matio 8: 8). Nanana finoana ny Tenin'Andriamanitra ilay kapiteny! Nony nahare izany Jesosy dia gaga ka niteny tamin'izay nanaraka azy hoe: 'Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahita finoana

lehibe toy izany Aho, na dia tamin'ny Isiraely aza! ” (Matio 8:10). Raha mino ny teny fikasany ianao ka mangataka Aminy izay zavatra nampanantenainy, dia hahafaly an'i Jesosy izany! Aza miandry hahatsapa na hahita valiny vao hino ny zavatra nampanantenain' Andriamanitra. Angataho amin'Andriamanitra ireo fitahiany araka ny Teniny ary misaora Azy noho ny fampanantenany sy fanatanterahany izany.

Matetika, rehefa tsy mitoetra ao amin'ny Teniny isika ary misaintsaina izany andro aman'alina dia tsy vonton'ny Fanahy Masina ny fangatahantsika. Fa rehefa mitoetra ao amin'i Kristy isika ary mitoetra ato amintsika ny Teniny, ny fangatahana ataontsika dia fangatahana izay ho ekeny. “Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona angatahantsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahantsika Aminy. ” (1 Jaona 5:14,15). Teny fikasana mahatalanjona!

Ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra dia zava-dehibe ho an'ny Kristiana. Ny fitadidiana tsianjery ny Baiboly dia manome tombontsoa maro: fandresena amin'ny fakam-panahy, fahalalana amin'ny fijoroana ho vavolombelona ary fanantenana amin'ny fotoan-tsarotra. Ny fahafahana mivavaka amim-pinoana, amin'ny fahafantarana ny sitrapon'Andriamanitra sy ny fangatahana amin-kafanampo eo anatrehan'ny sezafianany mandra-pamaliany, no mora indrindra indrindra ho an'ireo izay mitoetra ao amin'ny Teniny. Ireo izay mahery kokoa amin'ny vavaka dia manana fo feno sy voaovan'ny teny fikasany. Ary anisan'ny fiadiana ilaina indrindra ho an'ny tena kristiana ny fahaizana mitadidy andalan-tSoratra Masina rehefa mitondra fahakiviana ny haizina.

Raha ny marina, Andriamanitra dia mibaiko ny fitadidiana andalan-tSoratra Masina sy ny fisaintsainana izany mba hampahomby antsika sy hitahiany antsika. Ny teny ao amin'ny Salamo 1: 2, 3 dia milaza momba ny olona voatahy: "Ny lalàn'i Jehovah – ny fampianarany - no sitrany; eny ny lalàny no saintsainy andro aman'alina. Dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa." Nandidy an'i Josoa Andriamanitra nanao hoe: "Aoka tsy hiala amin'ny vavanoa ity bokin'ny lalàna ity dia fa saintsainy andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratraeo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalànao ianao sady hambinina." (Josoa 1: 8). Manapaha hevitra ny hameno ny sainao amin'ny Tenin'Andriamanitra ary atombohy amin'ny vavaka mba hanaovana izany, amin'ny fitanisana ireo andalan-teny voalaza teo aloha!

Ireto misy fanalahidy fototra fito hahombiazana amin'ny fitadidiana ny Baiboly.

Voalohany, fantaro fa ny atidoha dia taova velona mitaky fikorianan'ny ra ara-dalàna mba hiasany araka ny tokony ho izy. Ny lalàna momba ny fahasalamana nomen'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly dia tokony ho tandremanao ho an'ny tombon-tsoantsika ara-tsaina sy arabatana. Ny sakafo voalaza ao amin'ny Genesisy 1 sy ny Daniel 1, araka izay azo atao, dia tokony harahina. Io no tena mahomby indrindra hitondra ho amin'ny fahasalamana'ny saina. Ny fifadiana ireo zava-mahadomelina tsy ilaina sy atao fialam-boly, anisan'izany ny kafeinina sy ny nikòtinina, dia hampitombo ny fikorianan'ny ra misy *oxygène* mankany amin'ny atidoha. Ny famatsiana rano ampy ny vatana eo anelanelan'ny sakafo dia hampikoriana tsara ny ra ary hiantoka ny fahasalamana'ny atidoha. Ny sakafo ara-pahasalamana, ny fampiasambatana, ny tara-masoandro, ny fialan-tsasatra, ny fahadiovana ary ny fhalalana onony dia samy manana anjara asa lehibe eo amin'ny fanatsarana ny fiasan'ny atidoha.

Faharoa, aza kivy mihitsy mianatra ny Tenin'Andriamanitra. Ny hazo dia tsy mitsahatra mitombo mandritra ny androm-piaiany, ary toy izany koa, ny atidohan'olombelona dia tsy

mitsahatra manorina fifandraisana vaovao mandritra ny androm-piaiany. Tahaka ny rano, zavatra toa malemy, izay mahapotika vato nony farany raha mitete eo tsy an-kijanona, toy izany koa ny Baiboly dia mety ho voasoratra ao am-ponao.

Fahatelo, mifidiana andinin-tsoratra misy dikany manokana aminao. Manaova lisitra misy andininy 10-15 izay nanova ny fiainanao - izay nahatonga ny fonao "hangorakoraka tao anatinao" (Lioka 24:32). Mifidiana teny fikasana izay tianao ho resahina amin'Andriamanitra ka ho takianao amin'ny vavaka hataonao.

Fahefatra, esory ny haino aman-jery izay hahatonga ny Tenin'Andriamanitra tsy hanana ny hasarobidiny eo imasonao. Anisan'izany ny haino aman-jery tsy madio, tsy marina na mamilaka, araka ny voalazan'ny Tenin'Andriamanitra (Filipiana 4: 8; Salamo 101: 3). Tahaka ny mofo kiendiendy sy ny gilasy amin'ny sakafotaina izay mahatonga ny zaza iray tsy hazoto hihinana voankazo, sy voamaina, voanjo, legioma mahasalama, dia toy izany koa ny zavatra tsy mahasoa eto amin'ity izao tontolo izao ity dia mampihena ny faniriana ny Tenin'Andriamanitra izay maharitra mandrakizay (Salamo 19:10; Joba 23: 10-12)

Fahadimy, manorata andinin-tSoratra Masina iray ao anaty karatra kely (asiana *référence* amin'ny lafiny iray, ary andininy sy *référence* amin'ny lafiny iray) dia ataovy ao anaty fonosana plastika. Apetraho ao am-paosinao ilay fonosana na aiza na aiza alehanao. Raha eo am-piandrasana olona ianao, na milahatra amin'ny toerana iray, na mampidina solika amin'ny fiara, na mampiasa fitateram-bahoaka, dia ampiasao amim-pahendrena ny fotoananao ary averimbereno ny Tenin'Andriamanitra ka mivavaha mba hahazo ny fitarihan'ny Fanahy. Avereno ilay *référence* mialoha sy aoriane mba hahatsiarovana ny toerana misy azy. Mamerena ampahany kely matetika tsy an-kijery. Mianara andininy iray na roa isankerinandro.

Fahenina, rehefa tadininao ny andininy iray ary hainao tsara, dia avereno fara fahakeliny indray mandeha isan'andro, mijery ny *référence* eo am-boalohany, mandritra ny roa ka hatramin'ny telo volana. Hanomboka ho mamy toy ny tantely ireo andininy, raha toa ka tsy miovaoa ny famerenanao azy.

Fahafito, manaova fisaintsainana momba izany, ampiasao ao amin'ny vavaka ataonao ary zarao matetika amin'ny hafa. Hampangorakoraka lalina ny fonao izany isaky ny averin' Andriamanitra ao an-tsainao na rehefa miteny amin'ny hafa amin'ny alalanao Izy mba hitahiany azy ireo.

Aza adino ny "teny miafinao." Aza avela tsy ho voataky ny harenan'ny lanitra. Fenoy ny teny fikasan'Andriamanitra ny fonao ka amin'ny alalan'ny vavaka dia ampifandraiso amin'ny Teniny ny fonao mba hivelomana amin'ny fiainam-bavaka matanjaka.

Ho amin'ny tahirin-kevitra momba ny fitadidiana Soratra Masina sy ny Vavaky ny Mpamaky Lay dia jereo ny tranon-kala www.RevivalPlan.com

Fijoroana ho vavolombelona mandritra ny fotoam-bavaka

Testimonies for the Church, vol. 1, pp. 345-346 (Témoignages pour l'Église, vol. 1, pages 135 à 137) – *dikan-teny malalaka*

Mazava ny Tenin 'Andriamanitra: rojo mahafinaritra momba ny fahamarinana, ary vatoantsika matanjaka ho an'ireo izay mandray azy ka vonona hanao sorona ny anganongano nankamamiana hatramin'izay. Hamonjy azy ireo amin'ny fahadisoam-panantenana mahatsiravina amin'izao vanim-potoana mampidi-doza izao izany. Satana dia nitarika ny sain'ireo mpitondra fivavahana amin'ny fiangonana samihafa hifikitra amin'ny fahadisoan-kevity ny besinimaro, dia tahaka ny nitarihany ireo Jiosy jamba hifikitra tamin'ny sorona sy fanatitra fanaony ka nanomboany ani'Kristy tamin'ny hazofijaliana. Ny fandavana ny fahazavana sy ny fahamarinana dia mihazona ny olona eo ambany fanandevozan'i Satana. Arakaraka ny halehiben'ny fahazavana nolavina no mahalehibe kokoa ny herin'ny fitaka sy haizina izay handrakotra azy ireo.

Naseho ahy fa ny tena vahoakan'Andriamanitra dia fanasina amin'ny tany sy fahazavan' izao tontolo izao. Andriamanitra dia mitaky fitomboana hatrany amin'ny fahalalana ny fahamarinana sy ny lalan'ny fahamasinana. Amin'izay dia ho fantatr'izy ireo ny fomba famelezan'i Satana ka dia hahatohitra amin'ny herin'i Jesosy izy ireo. Hiantso ny fanampian' ny legionan'ny anjelin i Satana mba hanoherana ny fandrosoana na dia ny an'ny fanahy iray monja aza ary hanao izay azony atao rehetra mba hanesorana azy eo an-tanan'i Kristy.

Hitako ireo anjelin'i Satana miezaka misintona avy eny an-tanan'ny anjelin' Andriamanitra ny fanah'ireo mpanara-dia an'i Kristy. Nangotraka ny ady. Nolotoin'reo anjely ratsy ny rivotra manodidina ireo fanahy ireo mba hahazoany manararaotra azy ireo. Ny anjely masina kosa miambina tamim-pitebitebena mba hanosika ny tafik'i Satana. Nefa tsy afaka hanisy hery miasa mangina eo amin'ny sain'olombelona izy ireo raha tsy noho ny sitrapony. Raha milefitra amin'ny fahavaloo isika, raha tsy manao ezaka hanoherana azy, dia mihazona fotsiny ny tafik'i Satana ireo anjelin'Andriamanitra mba handrava ny asan'izy ireo ka tsy haharingana antsika, mandra-pahatonga antsika hahatsapa ny loza ka hangataka ny fanampian'ny lanitra. Jesosy dia tsy handidy na oviana na oviana ny anjely masina hanafaka ireo izay tsy mandray anjara amin'ny ady.

Rehefa hitan'i Satana fa mety hamoy fanahy iray izy, dia hanao izay rehetra azony atao izy mba tsy hahavotsotra azy. Rehefa mahatsapa ny fisian'ny loza ny olona iray ka, amin'ny fitebitebena fatratra, mangataka amin-kafanam-po ny fidiran'i Jesosy an-tsehatra, dia voan'ny tahotra i Satana ka miantso ireo anjelin hanao famelezana indray mba hanodidinan'izy ireo ilay fanahy mahanttra amin'ny rindrin'ny haizina mba tsy hahatraran'ny fahazavana avy any an-danitra azy. Nefa raha mitaky ny fahamendrehan'ny ran'i Kristy ka maharitra amin'izany, dia mihaino ny vavaka mafanan'ny finoana ny Mpamonjintsika ka mandefa anjely matanjaka kokoa noho ireo mba hamonjy azy.

Tsy tantin'i Satana ny filana vonjy amin'ilay mpifanandrina aminy avy any an-danitra, satria mangovitra eo anoloan'ny fiandrianany izy. Amin'ny fandrenesana ny vavaka mafana dia feno tahotra ny tafiky ny fahavaloo manontolo. Mitohy ny fanamafisana ireo legionan'ny

anjely ratsy; nefo rehefa mihazakazaka ireo anjely mahery indrindra, mitafy ny fiadian' ny lanitra, mba hanampy ilay fanahy tafihina sy malemy, dia hihemotra i Satana sy ny tafiny, amin'ny fahalalana fa resy izy. Ireo izay milefitra an-tsitrano amin'ny fahavalao dia mahatoky, mavitrika ary miray hina amin'ny tanjona iray. Koa na dia mifankahala aza izy ireo dia manararaotra hatrany ny fotoana mety ho an'ny tombon-tsoa iraisany. Nefo Ilay Tompon'ny lanitra sy ny tany dia manisy fetra amin'ny herin'i Satana.

Drafity ny Vavaka: Vavaky ny Mpamaky Lay

Fanokafana: Ny lohahevitra momba ny vavaka eto ambany dia avy amin'ny Torolalana ho an'ny Fijoroana Vavolombelona, izay tokony hiarahan'ny tarika mamaky na vakian'ny isambatan'olona. Ny mpitarika dia hizara ny lohahevitra amin'ireo mambra ao amin'ny tarika, na hanontany manokana amin'ny olona ny antom-bavaka tiany hivavahana. Ireo terem-panahy dia tsy maintsy manoratra ny mariky ny anarany eo amin'ny banga akaikin'ny antom-bavak'izy ireo, ary tokony ho marihin'ny mpitarika ihany koa izany. Ny mpiandraikitra ny tarika dia afaka manokatra ny vavaka amin'ny fisaorana an'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra ao amin'ny efitrano ary fangatahana mba ho tahiana ny fo tsirairay. Alohan'ny hivavahan'ny olona iray momba ny lohahevitra iray vaovao dia tokony hiezaka hanaiky amin'ny feo mafy (miteny Amena) miaraka amin'ilay teo alohany. Aoka ho fohy foana ny vavaky ny tsirairay, aorian'ny iray na roa minitra.

1. ____ Misaotra an'Andriamanitra noho ny Tenin'ny fahamarinany izay manamasina antsika (Jaona 17:17).
2. ____ Mivavaka mba hivelomantsika amin'ny Teny rehetra izay mivoaka avy amin'ny vavan'Andriamanitra (Mat. 4: 4).
3. ____ Mivavaka ho an'ny fahalalana ny Tenin'Andriamanitra mba hiarovana antsika amin'ny fitak'i Satana (Isaia 8:20).
4. ____ Mivavaka isika mba ho fanasin'ny tany sy fahazavan'izao tontolo izao (Mat. 5:13, 14).
5. ____ Mivavaka mba hitomboantsika amin'ny fahalalana ny fahamarinana sy handrosoantsika amin'ny làlan'ny fahamasinana (1 Tim. 2: 4).
6. ____ Misaotra an'Andriamanitra noho ireo anjely masina, izay manafaka antsika amin'ny anjely ratsy (Salamo 34: 7).

Fotoam-bavaka misokatra - 10 minitra: Rehefa nahavita vavaka ny terem-panahy farany dia manomboka ny fotoam-bavaka misokatra. Izany dia fotoana hampiakarana fangataham-bavaka hafa. Iangavio ny olona iray voatendry ho mpiandraikitra ny hira mba hanonona hira andininy iray hamaranana ny fotoam-bavaka misokatra.

7. ____ Mivavaka mba hahatakarantsika ny fomba fiasan'i Satana ary hanoherantsika Azy amin'ny herin'i Jesosy (Jakoba 4: 7).
8. ____ Mivavaka mba hanana saina mazava sy malina (mandinika) (1 Pet. 5: 8).
9. ____ Mivavaka mba hanafahan'Andriamanitra antsika amin'ny toe-javatra sarotra ary hidérantsika Azy (Sal. 50:15).
10. ____ Mivavaka mba hanadiovan'ny ran'i Jesosy ny fahotantsika rehetra (1 Jaona 1: 7).
11. Mivavaka mba ho hafahana amin'ny aretina sy ny fandrik'i Satana (Sal. 91: 3, 4).

12. _____ Mivavaka mba hanatonan'Andriamanitra antsika (Jakoba 4: 8).

Fotoam-bavaka misokatra - 10 minitra: Ny mpitarika ny hira dia mihira andininy iray hamaranana ny fotoam-bavaka misokatra.

13. _____ Mivavaka mba hahatonga antsika ho mahatoky sy mavitrika ary hiray amin' Andriamanitra hanohitra an'i Satana (Asa 2: 1)

14. _____ Misaotra an'Andriamanitra noho ny famerana ny herin'i Satana eto ambonin'ny tany (Joba 38:11).

15. _____ Mivavaka mba hihazonan'Andriamanitra ny rivotry ny ady mandra-panisiana tombo-kase amin'ny mpanompony (Apok. 7: 3).

16. _____ Mivavaka mba hitahian'Andriamanitra ny Fivoriambe isan-taonan'ny Foibe manerantany (Isaia 11: 3).

17. _____ Mivavaka mba hitahian'ny Fanahin'Andriamanitra ny fiangonana sisa sy ireo mpitarika azy (Apôk. 12:17).

18. _____ Mivavaka mba hitahian'Andriamanitra ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany (Apôk. 14: 6).

Fotoam-bavaka misokatra – 5 na 10 minitra: Makà fotoana hisaorana sy hiderana an'Andriamanitra, miaraka amin'ny vavaka famaranana ataon'ny mpitarika. Andriamanitra hitahy anareo!

*Misorata anarana amin'ny “Prière Hebdomadaire des Pionniers” ao amin’ny
www.RevivalPlan.com/pioneerprayer.*

Fanasana amin'ny fifadian-kanina sy vavaka

“Ankehitriny ary mandra-pahatongan’ny farany, ny vahoakan’Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha (ho tonga saina) kokoa, tsy miankina amin’ny fahendren’ny tenany , fa amin’ny fahendren’ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana. Tsy voatery ho takiana akory ny fifadiana sakafo tanteraka, fa tokony hihinana sakafo faran’izay tsotra indrindra ”(*Counsels on Diet and Foods, p. 188-189*).

“Ao amin’ny Baiboly ny fifadian-kanina dia tsy safidy. Izany dia zavatra atolotra. Ny Matio 6:17 dia tsy milaza hoe: « Raha mifady hanina ianao », fa kosa, « Rehefa mifady hanina ianao ». Ny fifadian-kanina dia anisan’ny fomba fiainan’ny mpino hatrany, toy ny mivavaka sy mianatra Baiboly. Raha ny marina, ireo olo-malaza rehetra ao amin’ny Baiboly dia nifady hanina avokoa. Raha mianatra sy mandinika ny fifadian-kanina rehetra ao amin’ny Baiboly ianao, dia ho hitanao sy tsapanao fa isaky ny mivavaka sy mifady hanina ny vahoakan’ Andriamanitra, dia niasa tamin-kery ho azy ireo Izy. Avy amin’ny fanafahana azy ireo amin’ny ady amin’ny fahavalony hatramin’ny fanafahana avy any am-ponja amin’ny alalan’ny hery avy any an-danitra, hatramin’ny firotsahan’ny Fanahy Masina tamin’ny andro Pentekosta, sy ny sisa, dia mahita modely isika. Ary izany sary izany dia miverimberina nandritra ny tantara kristiana ” (*Melody Mason, mpandrindra ny fandaharana United in Prayer ao amin’ny Foibe maneran-tany*).

Manasa ny mambra hiaraka aminay amin’ny andro fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina ho an’ny fiangonantsika ary amin’ny fomba manokana ho an’ireo izay tiantsika hanana fahalalana an’i Kristy ao amin’ny tena fifandraisana marina izay mitondra mankany amin’ny famonjena sy ny fiaianam-panoloran-tena amin’Andriamanitra. Andeha hiara-mivavaka ho an’ny zanantsika. Namantsika. Fianakaviana. Mpianolo-bodirindrina. Mpiara-miasa. Fiaraha-monina.

Inona ny fifadian-kanina?

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy fihinanana. Raha ny marina, ny tena hamafisina sy hizingizinin’ny fifadian-kanina dia tsy ny handingana sakafo fa kosa hampitombo ny vavaka. Ny hoe mifady hanina dia misafidy ny tsy hanao zavatra hafa mba hahazoana mivavaka an-tsitrano kokoa ary amin’ny fifantohana bebe kokoa. Betsaka ny misafidy handingana sakafo, saingy tsy ny rehetra no afaka manao izany karazana fifadian-kanina izany. Mety misafidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa sy maivana kokoa ianao. Na mety hifady zavatra iray na roa, toy ny tsindrin-tsakafo na sakafo voamboatra (amin’ny boaty). Ny fifadian-kanina dia mety ahitana koa ny tsy fampiasana ny tambazotra sosialy, ny fahitalavitra, na ny fahazarana hafa izay mandany fotoana betsaka.

Raha misafidy ny hifady hanina tanteraka sakafo ianao (fa kosa ataonao azo antoka fa misotro rano ampy sy / na ranom-boakazo), ampiasao ny fotoana mahazatra laninao amin’ny fandrahoan-tsakafo sy ny fihinanana mba hivavahana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao, ka isaky ny alaim-panahy te-hihinana an’io zavatra io ianao dia mivavaha ho solon’izany. Isaky ny alaim-panahy ianao hijery ny tambazotra sosialy, dia mivavaha.

Tsarovy fa ny fifadian-kanina dia tsy manome antoka fa hovaliana ny vavakao amin'ny fomba izay itiavanao azy. Ny fifadian-kanina tsy midika hoe te-hihaino antsika tsara kokoa Andriamanitra na hamaly soa antsika bebe kokoa. Ny fifadian-kanina dia mikasika ny zavatra mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika manokana. Izany dia mahatonga antsika hahatsapa bebe kokoa ny fahalementsika sy ny fiankinantsika amin'Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia miteraka finiavana momba ny vavaka ary mampahatsiahy antsika mba hanao vavaka mifantoka kokoa ny amin'ny zavatra lalina indrindra ao am-pontsika.

Manasa anao voalohany indrindra izahay mba hivavaka aloha ary hanontany amin' Andriamanitra ny amin'ny fomba tokony hifadianao - inona no asainy hialanao mba hahazoanao manokana fotoana bebe kokoa miaraka Aminy amin'ny vavaka?

Rehefa izany dia manasa anao izahay hiaraka aminay hanatrika fotoam-bavaka sy fifadian-kanina amin'ny maha-fiangonana. Na dia hisafidy ny tsy hifady na inona na inona aza ianao, dia tongava hiaraka aminay hivavaka indray andro monja. Manokàna fotoana alohan'ny fotoam-pivavahana ny Sabata mba hivavahana sy hiangaviana an'Andriamanitra hanomana ny fonao sy ny sainao. Asao izy hampiaiky anao ny amin'ny ota rehetra misy eo anelanelanao sy Aminy. Miaike azy ireo. Mangataha fanadiovana, fanasitranana ary famelan-keloka. Asao Izy haneho aminao izay olona tiany hivavahanao. Ento amin'ny fotoam-bavaka amin'ny Sabata hariva ireo anarana ireo, dia hiaraka aminao izahay hivavaka ho azy ireo.

Ny olona sasany dia tsy mahazo aina raha mivavaka amin'ny feo avo, noho izany dia aleon'izy ireo tsy manatrika ny fotoam-bavaka iombonana. Manasa anao anefa izahay hiaraka aminay. Afaka mivavaka am-pahanginana ianao, manandratra ny fangataham-bavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ny olona sy ny zavatra entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra sao « tsy dia tsara » ny vavaka ataony, fantaro fa tsy ny teny fotsiny ihany no henoin'Andriamanitra fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsaratsara" Izy fa mpivavaka tso-po izay mitady Azy. Raisiny na dia vavaka mihambahamba aza izay mahasolafaka antsikaamin'ny fitenenana ka mety tsy "milaza zavatra araka ny tokony ho izy akory." Na dia tsy fantatsika aza ny zavatra tokony hivavahana dia mahafantatra Izy. Mandre sy mihaino Izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka.

"Ary lazaiko aminareo koa : raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any andanitra izany "(Matio 18:19).

Liana fatratra izahay hiara-mivavaka aminareo !